## TOERAM-PAMBOLENA

**Karazantany**
Tany maivana, somary fasehana, tsy mitazondrano.

Tsy tsara ny tany mavesatra, be tanimanga, mitazondrano.

**Toetrandro**
Mila rotsakorana hatramin'ny 900 mm isantaona
Marimpana 25°C- 35°C no tena mety aminy.

## FIKARAKARANA NY TANY

**Asa masaka :**
Vadibainga mialoha, faran'ny rotsakorana taompambolena teo aloha.

**Asa lalina :**
20 sm eo ho eo.



**Famotehana bainga** :
Tsy atao lasa vovoka,
Vakivakiana madinika fotsiny ihany.

## FAMAFAZANA

**Fikarakarana ny masomboly :**
Voasana amin'ny tànana fa tsy milina, mba tsy haratra na ho vaky ny voa ka be very.



Fantenana :
esorina ireo voa tsy matoy, tsy lavorary, na misy fahalovana.

Asiana fanafody fiarovana amin'ny bibikely anaty tany (raha misy ny ho entimanana)

**Masomboly ilaina :**
Raha akorany : 10 daba ; 70 kilao.
Raha voany : 50 kilao ; 220-225 kapoaka.

**Daty famafazana :**
Kendrena hanomboka matoy eo amin'ny fifaranan'ny rotsakorana ny fambolena.

Daty famafazana ara-potoana : volana novambra ; fisasahan'ny desambra raha tara indrindra.

**Hakitroky ny famafazana :**




Voanjo mandady sy misandrahaka ny Donga ; mila elanelana malalaka hivelarany sy hahamora ny fihevoana sy fanotofana

Elanelam-boly mety aminy : 40 sm X 40 sm raha tany tsara sy/na asiana zezika (62 500 fototra isaky ny hekitara) ; 30 sm X 30 sm raha tany manta na/sy tsy asiana zezika (111 000 fototra isaky ny hekitara.)

**Fomba famafazana**
Voly toratady hahamora ny fanarahamaso sy ny fikojakojana rehetra.
Voly diampanorona hahamora ny fihevoana sy ny fanotofana.
Isan'ny voa isandavaka : tokana.
Halalin'ny famafazana : 3-5 sm.

## FIKAJIANA NY TSIRON'NY TANY SY FAMPIASANA ZEZIKA

**Fifandimbiasamboly :**
Voly mandreraka tany ny voanjo raha ambolena mifanesy amin'ny tany iray mandritra ny taona maro.

Tsara ho an'ny voanjo ny fifandimbiasam-boly, indrindra fa raha nisy zezimpahitra ny voly teo aloha. toy ny vary antanety sy ny katsaka.







**Fampiasana zezika gasy :**
Ho fanatsarana ny vokatra sy fikajiana ny tsiron'ny tany.
Fatra : iray tanana isan-davaka ; 20 sarety izaky ny hekitara

**Fampiasana zezibazaha :**
Ho fampitomboana ny taham-bokatra.

*Dolomie*, amin'ny fatra 300-500 kilao isaky ny hekitara.
*DAP* amin'ny fatra 50-75 kilao isaky ny hekitara ; na *NPK* amin'ny fatra 100-150 kilao isaky ny hekitara.

## FIKOJAKOJANA NY VOLY

Karazana voanjo misandrahaka ny Donga.



Manome « *gynophores* » marobe toy ny amin'ny sary.
Ity farany no miantoka ny fiforonana sy ny habetsahan'ny voa.

Mampitombo betsaka ny vokatra ny fikojakojana intelo miantoana : fiavana, fihevoana, fanotofana.

**Fiavana**
Marefo amin'ny fifaninanana amin'ny ahidratsy ny tsirim-boanjo mbola tanora.

Ilaina ny fiavana aloha, 10 andro aorian'ny fitsimohana : sady fiadiana mialoha amin'ny ahidratsy, no famborahana ny tany hitsihan'ny ranon'orana.

**Fihevoana**

Sady ady faharoa amin'ny ahidratsy no fihevoana manodidina ny fototra vonajo hahamora ny fidiran'ny « *gynophores* » any atany tany.
Vanim-potoana : eo am-pamelanana, na 30-40 andro aorian'ny fitsimohana.

**Fanotofana**

Asa atao miaraka amin'ny fihevoana.
Fanamaroana ny « *gynophores* » milevina ao anaty tany.
Miantoka tanteraka ny fitomboan'ny taham-bokatra.

## FIHADIANA

**Tsingerim-pitsiriana (*cycle*) :**
Lava ny tsingerim-pitsirian'ny voanjo Donga : mahatrata dimy volana eo ho eo.

**Voanjo matoy :**

Mavo sy manomboka mihintsana ny ravina.

Matroka ny loko anatin'ny akoram-boanjo.

**Fihadiana :**

Azo hadiana ny voanjo raha vao mahatratra 70-80 isanjato ny akoram-boanjo matoy.
Karazana voanjo matory ny Donga. Tsy atahorana ny hisian'ny fitsimohana na dia tara aza ny fihadiana.

**FOFIFA - Centre Régional de Recherche**
**Hauts Plateaux Sud**
**Antamponjina**
**FIANARANTSOA**

## FANAMAINANA

Atao indroa miantoana ny fanamainana :

- Fandazoana ny fototra manontolo avy nohadiana, hahazoana taha fahamandoana 15% alohan'ny fiotazana.
- Fanamainana tanteraka aorian'ny fiotazana, hahazoana taha fahamandoana voanjo akorany hatramin'ny 10 %.

## TAHAM-PAMOKARANA

Ho an'ny voanjo Donga,dia ireto avy ny taham-pamokarana isantsokajiny :



Taham-bokatra voanjo akorany : mahatratra hatrany amin'ny 3 taonina isaky ny hekitara raha voly nohatsaraina



Taham-pamoasana :
75 isanjato ;
voanjo akorany 100 kilao, ahazoana voany 75 kilao.



Taham-pamokarana menaka : 52 %
misy taha menaka milanja 52 kilao ny voanjo 100 kilao

**FOFIFA**
**Département de Recherche Agronomique**
**Ambatobe**
**ANTANANARIVO**

# FISY TEKINIKA



## Tekinika fambolena karazana voanjo Donga